



TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA 002-2014/R
ananganana Vaomiera mpanadihady anivon'ny Parlemanta
mahakasika ireo olana momba ny fananan-tany eto Madagasikara

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tato ho ato dia nirongatra ireo olana ara-piaraha-monina noho ny fifanolanana eo amin'ny fananan-tany, ary izany dia manerana ny Nosy mihitsy. Ny farany teo izay niteraka sahoan-dresaka dia ilay tao Ankadimbahoaka izay nahitana fandroahana sy fanapotohana fonenanà fianakaviana Malagasy maro mifandona tombontsoa amin'ny teratany vahiny iray.

Izany sehon-javatra izany dia avy amin'ny lalàna Malagasy eo amin'ny lafiny fananan-tany, ny fanao tsy mazavazava loatra ataon'ny mpiasan'ny fitantanana ny fananan-tany sy ny tany ary avy amin'ny kolikoly ataon'ny mpitsara mbamin'ny tomonandraikiry ny fitantan-draharahan-panjakana voakasik'io olana io.

Araka izany, maro ireo olona tra-pahavoazana noho ity sehon-javatra ity na dia tsy novoizina teny amin'ny haino aman-jery aza ny tranga misy azy ireny. Miraviravy tanana izy ireny manoloana ny tanjaky ny vahiny sy ny sosaetim-panjakana mitantana ny tanim-panjakana. Izany dia mitarika ny saina hihevitra fa misy mihitsy ny fanaovana volo ngita mifandray tendro eo amin'ny saosaetim-panjakana mpitanana ny tany, ny fitantan-draharahan'ny tany sy ny fananan-tany ary koa ireo sosaety eto anivon'ny firenena na an'ny vahiny mpaka fananan'olona; tsy azon'ny saina ekena mihitsy ny tsy firaharahian'ireo mpisehatra ireo ny lafiny maha-olona. Dia ny vahoaka foana no ho sorona.

Mba hialana amin'ny tombotomboka sy hitondrana porofo sy fanazavana ny toe-draharaha momba ity raharaha ahazoam-bola be ho an'ny sasany ity fa maha-fadiranovana ny hafa dia mety ny manao famotopotorana ara-dalàna araka ny fenitra takin'ny lalàna manan-kery, indrindra fa ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ho amin'izany no androsoanay ity tolo-pehin-kevitra ity mba hampazava ny raharaha rehetra sy hametrahana ny andraikiry ny tsirairay ary hamerenana ny zon'ny olom-pirenena hisitraka am-pilaminana nyhariny sy ny fananany. Izany no tena adidy masina ho an'ny Solombavambahoaka rehetra izay heverina ho mahasolo tena ny vahoaka ao amin'ny Tany tan-dalàna toy ny eto amintsika.

Izany no antonanton'ity tolo-pehin-kevitra ity.



TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA 002-2014/R
ananganana Vaomiera mpanadihady anivon'ny Parlemanta
mahakasika ireo olana momba ny fananan-tany eto Madagasikara

Ny Antenimierampirenena,

Rehefa nahita ny firongatry ny olana ara-piaraha-monina mifandraika amin'ny fifanolanana eo amin'ny fananan-tany izay tsy mitsaha-mitombo isa ny olona trapa-havoazana sy tsy mbola hita manangasanga akory izay vahaolana noho ny tsy fandraisan'ny tsirairay andraikitra;

Mahatsapa fa ireo olana ireo dia miseho etsy sy eroa ary mihanaka eran'ny Nosy ka mampihena ny tany eo ampelatanan'ny teratany sy ny Fanjakana Malagasy;

Mihevitra fa ny Malagasy dia tsy maintsy misitraka ao anatin'ny filaminan-tsaina ny hariny sy ny fananany ato anatin'ny tanim-pirenena ka ny fironana hafa mifandaka amin'izany dia tsy fitiavan-tanindrazana ;

Mihevitra fa tsy maintsy atao ny famotopotorana marina momba ity schon-javatra malaza ratsy ity mba hametrahana ny andraikity ny tsirairay sy ahafahana mitondra vahaolana matotra ka itarihana ny sain'ny besinimaro fa ahihiana ho misy trananganà kolikoly manakona ny rariny sy ny hitsiny ireny raharahan-tany ireny ;

Rehefa avy niady hevitra tao amin'ny fivoriambe nataony tamin'ny 19/06/14

DIA MANAPA-KEVITRA

1. Hanangana Vaomiera Mpanadihady eo anivon'ny Parlemanta momba ireo olana ny fananan-tany eto Madagasikara izay hiandraikitra ny famotopotorana sy ny fitondrana fanazavana ny toe-draharaha sy porofon'ny fanomezana, ny famindrana, ny varotra ary ny fahazoana tany ho an'ny Sosaety vahiny (FILATEX, OCEAN TRADE, ...) avy amin'ny sosaetim-panjakana ary koa avy amin'ny fitsarana. Izy koa no manaporofa ny fisian'ny kolikoly ao amin'io rafitra io sy manondro izay mety ho tomponandraikitra ary koa ireo lalana sy tetika hoenti-mamongotra izany.
2. Fa io Vaomiera io dia atsangana araka ny zava-boarakity ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery. Hisy ny tatitra hataony any amin'ny Fivoriambe rehefa vita ny asa.

3. Hanainga ny Governemanta hanome Tanana amin'ny hoenti-manana sy ny tantsoroka teknika sy lôjistika ho an'ny Vaomiera mba hahatontosany ny andraikiny, araka ny zava-boarakitry ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna eo amin'ny fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta.

Antananarivo, faha-19 jona 2014

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, pi

LE SECRETAIRE

MAHAZOASY Mananjara Freddie